REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

# TATITRY NY FILANKEVITRY NY MINISITRA NATAO TAO AMIN'NY LAPAM-PANJAKANA IAVOLOHA

**ALAROBIA 01 SEPTAMBRA 2021**

**NOTANTERAHINA TAO AMIN'NY LAPAM-PANJAKANA IAVOLOHA NY FILANKEVITRY NY MINISITRA ANDROANY IZAY NOTARIHIN'NY FILOHAM-PIRENENA ANDRY RAJOELINA ARY NAHITANA NY PRAIMINISITRA SY IREO MINISITRA ISAN-TOKONY**

## I- FAMPAHAFANTARANA

**MINISITERAN'NY FAHASALAMAM-BAHOAKA :**

**FAMPAHAFANTARANA MIFANDRAIKA AMIN'NY FAHAZOANA VAKSINY JOHNSON & JOHNSON MIISA MANODIDINA NY 8.000.000 FATRA na 8 millions de DOSES**

Ao anatin'ny fampiharana ny drafitra Nasionaly momba ny fanapariahana sy fanaovana vaksiny hiadiana amin'ny Covid-19 dia hanafatra vaksiny miisa 8.000.000 fatra Johnson & Johnson ny fanjakana Malagasy. Marihina fa vokatry ny fifandresen-dahatra teo amin'ny fitondram-panjakana sy ny Banky Iraisam-pirenena dia nahazo famatsiam-bola tsy haverina mitentina 100.000.000 dolara hividianana vaksiny sy hanohanana ny sehatry ny fahasalamana mba hiatrehana ny valanaretina Covid-19 i Madagasikara. Io famatsiam-bola io no hanafarana ny vaksiny Johnson & Johnson izay anisan'ny vaksiny nankatoavin'ny « Académie Nationale de Médecine de Madagascar ».

Misy koa ny ampahany amin'io famatsiam-bola io natokana hividianana « scanners », « radiographies numériques », ary « ambulances », ary hanofana drônes itondrana ny vaksiny sy ny fanafody amin'ny faritra saro-dalana.

## II- FANKATOAVANA DIDIM-PANJAKANA

**MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA**

Nankatoavina ny didim-panjakana na décret d'avance hahafahana mampiditra ao anatin'ny tetibolan'ny Minisiteran'ny fahasalamam-bahoaka ny fanampiana izay mitentina 375.333.000.000ariary, mifandraika amin'ny fanomezana IDA n°D893-MG ho amin'ny tetikasa fanampiana amin'ny fahazoana vaksiny fanefitry ny Covid-19 sy ho fanamafisana ny rafi-pahasalamana izay ao anatin'ny programa stratejika momba ny fiomanana sy fiadiana ny Covid-19. Ity didim-panjakana ity dia hohamafisin'ny lalàna mifehy ny tetibola ho avy. Ao anatin'ny efatra taona (2021 – 2024) no hampiasana io vola io.

## III- FANENDRENA

**MINISITERAN'NY FIAROVAM-PIRENENA**

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2020-387 tamin'ny 04 aprily 2020, ary manendry ny **Général de Brigade RAMBININTSAOTRA Lanto Ny-Aina** ho « Sous-Chef d'Etat-Major en charge de la Chaîne Organique de l'Etat-Major des Armées ».
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2020-635 tamin'ny 24 jona 2020, ary manendry ny **Colonel RAZAFIMAHATRATRA Hery**, ho « Directeur du Bureau Contrôle et Audit des Armées de l'Etat-Major des Armées »
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2020-392 tamin'ny 04 aprily 2020, ary manendry ny **Colonel RAVELONARIVO Guilliano Gaston**, ho « Directeur Interarmées de la Logistique et du Soutien de l'Etat-Major des Armées ».
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2020-376 tamin'ny 04 aprily 2020, ary manendry ny **Colonel RANDRIAMAMPITA Nainaharinjatovo** ho « Sous-Chef d'Etat-Major Administration » eo anivon'ny « Etat-Major de l'Armée de l'Air ».
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2020-386 tamin'ny 04 aprily 2020, ary manendry ny **Général de Brigade ANDRIANAIVOHERY Bearison Philippe** ho « Directeur Interarmées du Renseignement Militaire de l'Etat-Major des Armées ».

**MINISITERAN'NY FANABEAZAM-PIRENENA**

Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Atoa RABENANDRASANA Téophil** ho Tale Jeneraly misahana ireo Sekoly eo anivon'ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena.

**MINISITERAN'NY FAHASALAMAM-BAHOAKA**

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2016-0281 tamin'ny 20 aprily 2016, ary manendry an'Atoa **RAHARISON Tsihory Ravakiniaina** ho « Directeur des Affaires Administratives et Financières du Ministère de la Santé Publique ».
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ireo didim-panjakana laharana faha 2020-0484 tamin'ny 16 may 2020 sy laharana faha 2019-0690 tamin'ny 10 aprily 2019, ary manendry an'Atoa **RAZAFIMAHATRATRA Rado** ho « Directeur Général de la Fourniture des Soins du Ministère de la Santé Publique ».

**SEKRETARIAM-PANJAKANA MIADIDY NY ZANDARIMARIAM-PIRENENA**

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana **faha** 2019-299 tamin'ny 07 martsa 2019, ary manendry ny **Général de Brigade RABEARIMAHEFA Andrianjanaka** ho « Directeur des Ressources Humaines du Secrétariat d'Etat » eo anivon'ny Fiarovam-pirenena miadidy ny Zandarimaria.
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana **faha** 2018-339 tamin'ny 11 aprily 2018, ary manendry ny **Colonel RANDRIANTSARA Ihajaniaina Eric** ho « Directeur de la Planification, du Suivi et de l'Evaluation du Secrétariat d'Etat » eo anivon'ny Fiarovam-pirenena miadidy ny Zandarimaria.
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2019-297 tamin'ny 07 martsa 2019, ary manendry ny **Général de division KASSIMO Arona Besony** ho « Directeur Général de la Sécurité Routière ».

## IV - FANAFOANANA

**MINISITERAN'NY FANABEAZAM-PIRENENA**

Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2021-090 tamin'ny 27 janoary 2021 nanendry ny « Chef d'Unité de Communication » eo anivon'ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena.

**Natao androany alarobia 1 septambra 2021**
**Ny Sampan-draharahan'ny serasera sy ny fifandraisana eto anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika**